

Ny Valosoa sy hadihady

## Fiainam-pirenena : misavorovoro tsy ifankahitana intsony

Telo volana izao no nihiboka ny vahoaka Malagasy ary tao anatin'ny hamehana ara-pahasalama (état d'urgence sanitaire) ihany koa. Tsy tambo isaina ny fiantraikan'izany teo amin'ny tsirairay, ny ankohonana, ny fiarhamonina sy ny firenena iray manontolo ary indrindra eo amin'ny sehatra fihariana sy fandraharahana. Tsapa fa manararaotra ny hamehana ny mpitondra ka manao izay tiany atao kanefa mifanipaka be tsy misy toy izany ny fanambarana sy ny fanehoan-kevitra eo amin'izy samy izy. Eo amin'ny sehatry ny valanaretina Covid-19 dia tsapa hatrany am-piandohana fa niteraka olana ny tarehimarika na-voakan'ny IPM izay namoaka fa nisy 67 no nahitana soritraretna, ka niteraka disadisa teo amin'ny mpitondra sy ity laboratoara ity. Nanome fe-potoana ny mpitondra nitondran'ny IPM fanazavana. Matoa tsy nisy tohiny ity resaka ity dia nitombina izany ny an'ny laboratoara kanefa dia nisy laboratoara hafa indray nasaina nanampy tamin'ny fitsirihana ary telo izy ireo amin'izao fotoana izao. Mitombo andro aman'alina ny tratry ny tsimokaretina hatramin'izay neparitahany izay. Nitsiry tao an-tsain'ny mpitondra ihany koa ny hanangana laboratoara vaovao kanjo ny efa nisy eny Ambatobe no lokoina amin'ny lokom-boasary (lok'on'ny antoko eo amin'ny fitondrana). Tsy vitan'izany fa ny eny amin'ny Zone Forello an'ny FOFIFA ihany koa dia nolazaina fa hanganana ozinina. Asa raha ho tokanana amin'ny 26 jona ihany izy ireo na tsia satria fotodrafirasa efa nisy sy efa notokanana tamin'ny andron'ny fitondrana teo aloha no nodradradrina fa hanorina vaovao. Tsapa araka izany fa mijapy lamasina mandeha hatrany izao fitondrana izao satria ny fotodrafirasa nokasaina hatao dia misy fanoherana hatrany. Tsy vao izao no nitranga izao toe-javatra izao fa efa tamin'ny folo taona lasa. Raha ny momba ilay CVO indray dia nozaraaina teny rehetra teny ilay tambavy izay nolazaina fa mampiakatra ny hery fiarovana ary nitsangana vavolombelona ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, teny amin'ny IMRA fa nanana « tantine » nisy soritr'aretina, ka rehefa nisotro dia sitrana. Voasoratra teo amin'ny tavoahangy fa « biologique » ilay izy kanjo na ny anarany aza dia efa nilaza fa « organique » ilay izy (Covid-organics). Noterana araka izany ny mpianatra, tsy teto an-drenivohitra ihany fa tany Fianarantsoa ihany koa nisotro, fa izay tsy nisotro dia tsy nahazo niditra an-tsekoly. Taty ariana anefa dia nolazaina fa tsy mahazo misotro indray izay olona manana aretina mitaiza (diabety, tosi-drà, sns...). Nomena maimaimpoana ireo firenena 15 atsy Afrika Andrefana. Amin'izao fotoana izao dia toa lasa bizina ity tambavy na fanafody na fanefitra na fanafana ity ary mitodika aty Madagasikara avokoa, hono, ny mason'izao tontolo izao satria ity Firenena malagasy ity no hitondra fanasitranana ity are-

tina ity eto amin'ny planeta tany. Laraha-mahita fa efa amidy eny amin'ny toeram-pivarotana lehibe ity CVO ity. Ny tsapa anefa tsy voafehy ny covid 19 eto amintika, mitombo hatrany isan'andro ny mitondra ny tsmokaretina isan'andro, efa mihoatra ny 10 ny maty. Noho ny fihibohana sy ny hamehana ara-pahasalama dia nahazo fanampiana avy any amin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena ny fitondrana malagasy entina hanohanana ireo fianakaviana sahirana sy ireo orinasa voatery nampiato ara-teknika (chômage technique) ny mpiasa ao aminy na nandroaka mihitsy aza. Araka izany dia amana hetsiny no very asa amin'izao fotoana izao. Ireo manao asa tena indray dia mitsipozipozy ary raha mbola mitohy izao toe-javatra izao dia tsy ho matin'ny aretina intsony ny gasy fa ho matin'ny hanohanana. Anisan'ny mitondra faisana koa ireo mpampianatra any amin'ny sekoly tsy miankina satria ny mpampianatra ao amin'ny kilasy anelanelany izay mandray karama isan'ora ampianarany dia tsy misy hatokona intsony satria ireo mpampianatra amin'ny kilasin'ny hanao fanadinam-panjakana ihany no maita ny programa. Tsy mazava intsony ny fanampiana omena ny vahoaka fa dia natsangana indray ny "kaly mora" ankoatry ny "vary mora", sns... Ny any amin'ny faritra hafa anefa dia efa miakatra izay tsy izy ny vidin'ny zavatra ilain'ny mponina andavanandro, toy ny vary. Tonga izao ny fitaovana 100 taonina hananganana ozinina mpamokatra fanafody. Mbola mandalo ambaratonga isan-karazany anefa izay fanafody ho vokarina izay vao hahazo alàlana hivarotra izany, izay tsy fantatra na afaka firy taona na firy taona. Ny sehatra voalohany (secteur primaire) no neverina fa tsy maintsy hatao laharam-pahamehana ny fampiroboroboana azy, mba tsy hanafarana vary avy any ivelany intsony, ka hahatonga ny firenena hanana fahaleovantena ara-tsakafo. Eo amin'ity sehatra ity izany no tokony hanaovana lalàna eny amin'ny Antenimierampirenena sy hanokanana tetibola betsaka kanefa dia "toaka gasy" indray no homena vahana. Araka ny fanazavan'ny mpitsabo anefa dia tena loza mitatao ho an'ny fahasalam'an'ny gasy ity zava-pisotro misy alikaola ity. Ny antony dia ireo toaka efa fahita andavanandro sy mahazo alàlana ho varotana dia antsoina hoe: "alcool éthylique" ary am-polo taona vao mety hiteraka aretin'aty ho an'izay mpidoroka azy. Ny toaka gasy kosa dia antsoina hoe "alcool méthylique" ary ny "cellule nerveuse cérébrale" no tafihany ka maha lasa adala ao anatin'ny volana vitsivitsy. Araka izany dia toa tsy mahalala izay laharam-pamehana hashoa ny mponina sy hiteraka fampandrosoana ny Firenena mihitsy ny mpitondra ankehitriny amin'izao Repoblika IV-2 izao fa variana amin'ny zavatra mirentirenty sy manaitaitra fotsiny ihany.

Andry Tsivalona

MAHERY LANTO MANANDAFY

## Naiditra am-ponja vonjimaika any Ambalatavoahangy

Voatana am-ponja vonjy maika any Ambalatavoahangy Toamasina nanomboka omaly i Mahery Lanto Manandafy, zanaka lahin'ilay mpanao politika goavana sady filohan'ny antoko MFM Manandafy Rakotonirina. Fanalam-baraka ampahibe-maso tamin'ny tambazotran-tserasera facebook no antony hanenjehana azy. Dr Benessy Harison Sébastien, Senatera amperinasa no nitory azy sy nangataka ny hanaovana ny fandihadiana ny raharaha tany Toamasina. Marihina fa efa na-neho fialan-tsiny sy nanitsy ny vaovao navoakany tamin'ny facebook tamin'izay fotoana izay i Mahery Lanto Manandafy, nefa dia izao no tohin'ny raharaha mampalahelo !

Helisoa



Lalànan'ny serasera

## Nankatoavin'ireo senateran'i Madagasikara

Tao aorian'ny vaomiera itambarambe, sy tao aorian'ny fivoriana azon'ny be sy ny maro natrehina omaly, lany tao anivon'ny Antenimiderandoholona tetsy amin'ny Lapa Maitso Anosikely ny volavolan-dalàna mahakasika ny lalànan'ny serasera eto Madagasikara. Anisan'ny voalaza ao anatin'izany volavolan-dalàna izany ny fahazoana mamoka vaovao na tsy azon'ny rehetra hatrehana aza ny fivoriana, tsy azon'ny mpanao gazety natrehina koa. Ao anatin'izany koa ny tsy famonjana

ny mpanao gazety amin'ny vaovao, na fanehoan-kevitra avoakany, fa sazy lamandy no omena azy ireo. Efa nankatoavin'ny teny amin'ny Antenimierampirenena koa ity volavolan-dalàna ity, izay mitondra ny laharana 004/2019 tamin'ny 2 oktobra 2019, manitsy ny andininy sasany amin'ny lalàna 2016-029 tamin'ny 24 aogositra 2016.

Isambilo

## Colisée ao amin'ny Rovan'Antananarivo Kapao fa manimba ny tany

Fanotana fady tsot'izao no ataon'ny fitondrana etsy amin'ny Rovan'Antananarivo, satria fotodrafirasa tsy mifanarako amin'ny tantara no terena hiorina, dia ilay "colisée" na dia maro aza ireo fanambarana nivoaka manameloka io asa ratsy io, dia manao bemarenina Ingahy Filoha Andry Rajoelina sy Ramatoa Minister Lalatiana Rakotondrazafy tompon'andraikiry ny kolonsaina.

Eo amin'ny Kianja Masoandro no nanorenana izany, Ny Rova izay tsiahivina fa nodorana ny 06 Novembre 1995, ka ny tokony ho izy dia izay vakoka may ihany no asiam-panarenana, fa tsy tokony hisy fanorenana vaovao tsy tao anatin'ny tantara, izany "colisée" izany, dia tsy nisy velively teo an-dRova ary raha karohina ny tantara dia zava-doza teo amin'ny fanjakana Romana, ny "colisée" kanefa dia misisika ny hanorina izany ireo mpitondra eto amintsika.

Maro ireo sangan'olona eto amin'ny firenena naname-loka io fomba mamohehitra io toy ny Pr Ranjeva Raymond sy ny Jeneraly Ramakavelo Desiré ary Andriamatoa Solonavalona Andriamihaja, mpitarika ny taranaky ny Andriamanjaka teto Imerina, tsy nangina ihany koa fa naneho firaissankina tamin'ireo zanak'Imerina ireo zanakin'ny avy any amin'ny faritra toy ny Se-natera Rakotovazaha Olivier, ny Depiote Razafitsiandraofa Brunel avy any Ikongo ary ny Antenimieran'ny Olobe eto Madagasikara, nahitana ny filoha Andriamanalina izay taranaky ny Mpanjaka Betsileo sy Mektoub El Camille, Prints avy any Mananjary. Rahafintinina ny nambaran'ireo olonkendry voalaza ireo dia samy manamafy fa ny vakoka dia tsy azo foronina, fa izay nisy teo aloha no arenina hifanarako amin'ny nampiavaka io vakoka io, tsy iadian-kevitra ihany koa ny fajajana ny fady sy ny fomba satria fototra iorenany fahendrena Malagasy, ka ny fiziriziran'ny fitondrana amin'io "colisée" io dia fanotana fady, famotehana ny hasin'ny firenena.

Ny mahamaika an'Ingahy Filoha dia ny haka fidimbola ao amin'ny Rova, kanefa mpizahatany iza no handany vola amin'ny vakoka tsy mifanarako amin'ny tantara, dokafany ery ny hisian'ny sary amin'ny alalan'ny " hologramme ", izay tsy zava-baovao amin'ny vahiny izany.

Ny tena marina dia te-hametraka dian-tanana eny amin'ny Rova ny filoha dia minia manota fady. Kabary zato teny arivo, fa tsotra ny ambara, mety ny fanirian'ireo rehetra nanao fanambarana mitaky ny handrodanana io "colisée" io, misy ireo mpamono afotizay mahamenatra fa dia zanak'Imerina ihany toa an'Ingahy Ratsirahonana, sns... izay mandrisika ny hoe : maninona hono raha mifampiresaka, kanefa ny tantara tsy azo kosehina, ny vakoka manana ny lan-jany ary ny fady sy ny fomba tsy azo iadian-kevitra, Ingahy Ben'ny tanànan' Antananarivo Renivohitra dia tsy nandrenesam-peo kanefa nohindrahindraina fattratratamin'ny gazety fony vao nilatsaka ho fidina, ka nolazaina hoe : "un prince de sang à la conquête de la ville de Tana", kanefa dia moana tanteraka ity lazaina fa zanak'andriana manoloana ny otafady eny an-dRova, koa rariny raha indramina ilay andininy ao amin'ny babiloy manao hoe "Kapao fa manimba ny tany", azo tanteraha izany fandravana izany, satria tsy ampa-hafirin'ny Rindrin'i Berlin io, izay narodana satria niteraka henatra ho an'i Alemania, nantsoina mihitsy aza hoe " mur de la honte ", ka ny eny amin'ny Rova dia "colisée de la honte" koa.

Ny Valosoa

TONONKALO

## Mihorohoro ny ngeza

Ahiana hipoka ny sarom-bilany. Fa haingam-pihodina be ny tantara. Mangovitra, mipararetra aok'izany ireo ngeza fa efa madiva hitsirara.

Vao mioman-kitondra ny fomba fijeriny Ny olon'antoko sy ireo nofidiana, Dia 'ndreo efa mandrangaranga ny heriny, Iretsy mpitondra matahotra "kiana".

Ary dia mikoropaka tsisy toy izany, Manao hadalana , hadisoana misesy. Toy ny efa fambara ho ren'ny tany Fa manary aina satria efa resy.

Fantaro fa ny hery dia manana fetra, Koa aza sodokan'izany ry ngeza. Aza atao ho fitaovana irony herisetra, Fa tsy vahaolana iarovantseza.

TSIMIMALO (08-06-20)